

## **NY FITSARANA DIA MANAIKY FA FANANAN'NY TANTSAHA IZAY NAMBOLY AZY NY TANY ENY AMIN'NY LANIERA SECTEUR XII**

Mbola misy foana ireo manakorontana ny fitompoana ny tany eny Laniera secteur XII izay volen'ny Tantsaha efa amam-polon-taonany maro.

Ny Laniera secteur XII moa dia iny lasa nisy lalana mamakivaky azy miala eo Tsarasaotra mihazo ny seranam-piaramanidina vaovao iny. Marihana fa tany amin'ny taona 1962 tany dia voasokajy ho AMVR (« *Aire de Mise en Valeur Rurale* ») izy iny ary mbola mitoetra izany hatramin'izao satria mbola tsy nisy ny texte nanafoana izany ([https://cnlegis.gov.mg/page\\_find\\_direct\\_mots/](https://cnlegis.gov.mg/page_find_direct_mots/)). Ny AMVR dia fandaminana amin'ny fanajariana ny tany izay natokana amin'ny resaka fambolena sy fampandrosoana ny eny ambanivohitra (Hitsivolana lah. faha 62-042 tamin'ny 19 septembra 1962 mametra ny fitsipika ankapobeny ampiharina amin'ny faritra beazim-boho eny ambanivohitra, novain'ny Hitsivolana lah. faha 74-006 tamin'ny 15 febroary 1974)

Teo amin'ny fanamboarana ny lalana ho any amin'ny aéroport dia nisy anefa ny hafetsena izay nanaovana titra ambony latabatra an'io secteur XII izay mahatratra 300 ha lasa nisoratra tamin'ny fikambanana, olona ary orinasa maro samihafa ny velaran-tany iray manontolo izay novolen'ny tantsaha. Rehefa nitory ireo tantsaha niasa teo izay nivondrona ao anatin'ny fikambanana Laniera Mamokatra Secteur XII dia nahazo rariny tamin'ny alalan'ny didim-pitsarana laharana 6519 tamin'ny 06 novambra 2019 sy laharana 6522 tamin'ny 06 novambra 2019 (dikan'ireo Didim-pitsarana ao amin'ny

[https://drive.google.com/drive/folders/1T\\_IG\\_WODTsMIVtSIWWCf2Nwxy1LguwOH?usp=sharing](https://drive.google.com/drive/folders/1T_IG_WODTsMIVtSIWWCf2Nwxy1LguwOH?usp=sharing)).

### **Ireto ny votoatin'ireo didim-pitsarana ireo raha fintinina :**

- Ny tany eny Laniera izay resahana eto dia voasokajy ho AMVR tamin'ny alalan'ny didim-panjakana laharana faha 62-014 tamin'ny 11 janoary 1962 ary ny didim-panjakana laharana faha 63-467 tamin'ny 30 jolay 1963 manome fankatoavana ny Bokin'andraikitra hitantanana ny

AMVR, ary mbola manankery sy tsy azo atao n'inona inona, satria mbola tsy nisy Didim-panjakana manafonana ny fanokanana an'ireo tany ireo.

- Nisy anefa ny fanaovana Titre ambony latabatra amin'ny anaran'ny Fanjakana Malagasy tamin'ireo tany ireo, izay tsy nijery ny fanajariana araka ny AMVR, ary tsy nisy ny fidinana eny ifotony izay tokony nataon'ny Komisionina mpitsirika tamin'ny dingana fanaovana titre (TN°1599, TN°125-H)
- Tsy nisy ny fijerena na ny fakàna ny hevitr'ireo mpamboly eny an-toerana tamin'ny fotoana nivarotan'ny Fanjakana Malagasy an'ireo tany tamin'ny olo-tsotra.

**Noho ireo antony ireo dia :**

- Tsy ara-dalàna ary nofoanan'ny Fitsarana ny nanoratana an'ireo tany ireo amin'ny anaran'ny Fanjakana Malagasy, sy ny dingana rehetra manaraka mifandraika amin'izany (taratasy fifampivarotana, fanaovana antoka);
- Nofoanan'ny Fitsarana ny fanoratana ny anaran'ny olona na orinasa nivarotan'ny Fanjakana Malagasy ;
- Ny Fitsarana dia nandidy sy nibaiko ny Sampandraharahan'ny Fananantany ny hanomezana sy hanoratana an'ireo tany ireo ho an'ny fikambanana LANIERA MAMOKATRA SECTEUR XII, izay ahitana tantsaha an'arivony mampiasa sy mivelona amin'ny tany.
- Ka tokony hatsahatra ny fangatahana ny tantsaha anatin'ny fikambanana hivarotra ny taniny.

**Noho izany, izahay tantsaha mivondrona ao anatin'ny fikambanana LANIERA MAMOKATRA SECTEUR XII sy izahay fikambanana miara-manasonia eto dia :**

- Mitodika manokana amin'ny Andriamatoa Filoham-pirenena, Ny Ministry ny Fitsarana, ny Ministry ny Fanajariana ny Tany sy ny Fananantany ary ny Ministry ny Fambolena sy Fiompiana mba

handraisan'izy ireo andraikitra amin'ity raharaha ity ho fampanajana ny tany tan-dalàna ;

- Manao ity fanambarana ity mba hampahafantarana ny rehetra mba ialana amin'ireo olona misoloky ho tompony ;
- Mampirisika ny Fitsarana hatrany ny hitsara mahitsy tahakan'izao fa izao no antoky ny filaminana ary azo raisina modely lehibe ireto didim-pitsarana ireto ;
- Mitodika manokana amin'ny Sampandraharahan'ny Fananantany Ambohidratrimo amin'ny hanoratana an'ireo tany ireo ho an'ny fikambanana LANIERA MAMOKATRA SECTEUR XII araka ny voalazan'ny didim-pitsarana.

Antananarivo, faha 10 Jona 2023.

### **Mpanao sonia :**

- Actions Sans Frontière
- Alliance Voahary Gasy (AVG)
- BIMTT
- Coalition Nationale de Plaidoyer Environnemental (CNPE Madagascar)
- Coalition paysanne de Madagascar / Firaikinan'ny Tantsaha eto Madagasikara (CPM)
- CODE Menabe
- Collectif Tany
- FARM
- Federasionan'ny Vehivavy Tantsaha eto Madagasikara (FVTM)
- FEKRITAMA
- FIFATAM
- Fikambanana Fampivoarana ny Tantsaha (FIFATA)
- Fikambanan'ny Tanora mandala ny fahamarinana mba ho fampandrosoana ny Firenena (FTMF)
- FIMPA
- FITAFIBE

- Gny To tsy mba Zainy
- MCCP-PAX ROMANA MADAGASCAR
- MSIS-TATAO
- NY TANINTSIKA
- Observatoara momba ny tanora,
- Observatoaran'ny Tantsaha
- ONDH
- ONG EDEN
- ONG EFA
- ONG FARVEHIVAVY
- ONG Fiantso
- ONG HITSY
- ONG Ravintsara
- ONG Vehivavy Mazoto
- ONG AZAFADY Tolagnaro
- OSCIE
- PFNOSCM Vohifiraisana
- PFROSC ANOSY
- Plate-Forme Nationale des Organisations de la Société Civile de Madagascar (PFNOSCM)
- Plateforme RAFIA Melaky
- Réseau SOA
- Rodoben'ny Vovonan'ny Firaisamonimpirenena Misesatra amin'ny Fananantany (RVF-MFB)
- ROHY
- Sehatra lombonana hoan'ny Fananantany / Solidarité des Intervenants sur le Foncier (SIF)
- Soa Gny Mivoatsy
- TAFO MIHAAVO
- TAMAMPIRAPI
- Tambazotra Nasionaly Mpiantsehatra Fifidianana (TNMF)
- Tanora Vonona

- Transparency International - Initiative Madagascar
- TVMA Faritra ANOSY
- Vohifiraisana Analamanga
- Vombo